Andriamanitra telo izay iray

C. Gnimadi

Bibles et **P**ublications **C**hrétiennes
30, rue Châteauvert BP 335 F-26003 Valence cedex

Imprimé en France

Fizahan-takila >

ISBN : 978-2-87907-384-2
La trinité: un seul Dieu
Couverture, photo © Paul Jacquin

Fampidirana **5**

1. Ny Testamenta Taloha **16**

2. Ny Testamenta Vaovao **25**
a. Ireo filazantsara 25
b. Ny Asan'ny Apôstôly sy ireo Episitily 26

Fandrafetana ny foto-pampianarana mikasika ny maha Telo izay Iray an'Andriamanitra **32**

Mivavaka amin'Andriamanitra mifanaraka amin'izay fanambaràna ataony mikasika ny tenany ao amin'ny Teniny **37**
Aoka hitandrina ny amin'izay hivavahana 39

Fampidirana

Lohahevitra iray tsy ho takatry ny sain'olombelona na oviana na oviana, ny lohahevitra mikasika ny maha Telo izay Iray an'Andriamanitra. Marobe ireo fahamarinana sarobidy mikasika an' Andriamanitra resahin'ny Baiboly amintsika. Resahiny amintsika fa Andriamanitra tanteraka sy tonga lafatra io Andriamanitra io; ambarany amintsika torak'izany koa ny maha izy Azy.

Saingy, tsy izany ihany no asehony antsika. Misy zava-miafina saro-pantarina, ary tsy haintsika fantarina, ao amin'Andriamanitra. Tsy inona izany fa ny fisian'ireo Persôna telo ao amin' Andriamanitra Tokana: Ny Ray, ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina.

Izany no ilay zava-miafin'ny zava-miafina, izay Andriamanitra irery ihany no mahalala azy. Moa endrika samy hafa isehoana Persôna tokana ihany ve ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina? Sa, moa Andriamanitra Telo mitambatra ho Iray ve izy ireo? Nahoana no resahina ny amin'ity maha Telo izay Iray an'Andriamanitra ity?

* * *

Marina tokoa fa tsy hitantsika mivantana ao amin'ny Baiboly ny filazana hoe « Andriamanitra Telo izay Iray ». Midika hoe « telo mitambatra ho iray » izy io, amin'ny teny latina. Ara-tantara, tsy hita mivantana tao amin'ny teôlôjia kristiana ny teny hoe « telo izay iray », izay nampiasain'i Tertullien tany amin'ny fiafaran'ny taonjato faharoa. Tany amin'ny taonjato fahefatra izy io vao nampiasaina, ary natao indrindra ho fanoherana ny fahadisoan-kevitra mikasika an'ireo Persôna maromaro ao amin' Andriamanitra. Ny finoana kristiana no hany nandala ny fisiana Andriamanitra tokana. Samy Andriamanitra avokoa aminy na ny Ray, na ny Zanaka, na ny Fanahy Masina. Persôna samy manana ny maha izy azy avy anefa izy ireo. Izany no fahamarinana tsy azo ihodivirana ambara ao amin'ny Soratra Masina iray manontolo.

Ho fanoherana izany fahamarinana izany dia hipoitra ny filazana toy ny hoe : « Ahoana moa no hanekena ny fanambaràna mikasika ny maha Telo izay Iray an'Andriamanitra, izay teny tsy hita voasoratra akory ao amin'ny Soratra Masina ? » Tsy ny handresy lahatra anao akory no tanjonay, fa ny hamela an'Andriamanitra handresy lahatra anao. Avelao Izy no haneho aminao ny momba Azy, amin'ny alalan'izay ambarany ao amin'ny Teniny (ny Baiboly).

Nampiasaina fotsiny ihany mba hanondroana ny fahamarinana ambaran'ny Baiboly mikasika ny fiombonan'ireo Persôna telo ao amin' Andriamanitra, io teny hoe « Telo izay Iray » io. Persôna telo izay mitambatra ho Andriamanitra tokana ihany izy ireo. Izany no zava-miafina nahanjahanja tamintsika, eny fa na tsy afaka ny hahatakatra izany aza ny fisainantsika.

1) Nanana ny anarana nosafidiny isalorana sy isehoana Andriamanitra, raha tao amin'ny Testamenta Taloha : Jehovah, Tsitoha, Avo Indrindra, Tompo. Izany Andriamanitra izany no Rain'ny Isiraely. Izy mantsy no nifidy azy ireo, sy nanao an'io vahoaka io ho vahoakany[1]. Ambara ho Ray ihany koa Andriamanitra, noho Izy fototra nampisy ny olombelona rehetra, araka izay nambaran'ny apôstôly Paoly hoe : « *Iray Andriamanitra sady Rain'izy rehetra* »[2].

2) Ao amin'ireo filazantsara kosa indray no ahitantsika an'Andriamanitra Zanaka. Tonga nofo tety an-tany Izy, ary nifandray akaiky tamin'Andriamanitra Ray. Izy no Zanaka lahitokan'Andriamanitra. Tonga Izy mba hanambara ny Ray, sy hanome fiainana mandrakizay an'izay rehetra mino[3]. Tena

---

1. Deoteronomia 32. 6 ; Isaia 64. 8 • **2.** Efesiana 4. 6 • **3.** Jaona 1. 12-18

Andriamanitra Izy, ary Izy koa no tena fiainana mandrakizay[4].

3) Ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apôstôly kosa no ahitantsika an'Andriamanitra Fanahy Masina. Niasa tamin'ny fanorenana ny Fiangonana Izy, taorian'ny nidinany tety an-tany. Persôna miavaka amin'iretsy roa voalohany ny Fanahy Masina. Mpampianatra Izy[5]. Ny Fanahy Masina, izay teo anivon'ny Fiangonana, no nandaingan'i Ananiasy. Hoy anefa ny nambaran'i Petera : « *Tsy nandainga tamin'olona ianao fa tamin' Andriamanitra* »[6].

Niara-niasa hatrany ireo Persôna telo tao amin'Andriamanitra ireo hatramin'izay. Hoy ny nambaran'ny Tompo : « *Ny Raiko miasa mandraka ankehitriny ary Izaho koa miasa* »[7]. Maneho amintsika ny asan'Andriamanitra tamin'ny alalan'ireo Persôna telo samy manana ny maha izy azy avy ireo ny tenin'Andriamanitra, araka izany. Tsy hafa moa io tenin'Andriamanitra io fa tsindrimandrin'Andriamanitra rahateo. Hamafisin'izany tenin'Andriamanitra izany ny fisian'ireo Persôna telo ireo, na milaza amintsika aza izy fa tsy misy afa-tsy Andriamanitra tokana ihany. « *Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa*

---

4. 1 Jaona 5. 20 • **5.** Jaona 14. 26 ; 16. 13 • **6.** Asa 5. 3-4 • **7.** Jaona 5. 17

ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana »[8].

Mihoatra lavitra ny fetry ny fahalalantsika ny fampianarana fa « Telo mitambatra ho iray » Andriamanitra. Ny zava-miafina mikasika an'Andriamanitra no kitihintsika amin'izany : ny zava-miafin'ireo Persôna telo ao amin' Andriamanitra. Persôna telo samy manana ny maha izy azy avy izy ireo, kanefa mitambatra ao anatin'ny fifandrohizana izay tsy takatry ny saintsika takarina. Izany fahafohizan'ny fisainantsika izany, amin'ny maha olombelona antsika, no zary lasa sakana tsy anekentsika an'io zava-miafina misafotofoto be ihany ao antsaintsika io. Io fahafohizan'ny fisainantsika io no zary raisintsika ho fiarovana ny firehan-kevitsika manoloana an'io zava-dalina mikasika an'Andriamanitra io. Tsy afaka ny hanaiky ny zavatra mihoatra azy mihitsy mantsy ny olombelona, izany hoe ny zavatra tsy takatry ny fisainany, noho ny tsy finoany. Mikatsaka mandrakariva ny hamaha ny olana manoloana azy amin'ny alalan'ireo tsoa-kevitra filôzofika ny olombelona. Mainka mitarika azy ho amin'ny fahadisoan-kevitra anefa ireny zavatra ireny,

8. 2 Timoty 3. 16

satria tsy te hihaino izay ambaran'Andriamanitra ao amin'ny Teniny izy. Eny, na ireo olon'ny fivavahana, toy ny Sadoseo, aza, dia tsy maintsy nilazan'i Jesoa hoe : « *Diso hevitra ianareo fa tsy misy fantatrareo ny Soratra Masina na ny herin'Andriamanitra* »[9].

« *Nambaran'Andriamanitra (antsika) tamin'ny Fanahy* », io fahendrena lalina izay tsy ho takatry ny saintsika io. Ny Fanahy no manome antsika ny fahafahana hamantatra izany, satria « *ny Fanahy no mamantatra ny zavatra rehetra, na dia ny saina lalina izay an'Andriamanitra aza* »[10]. Ny finoana tokana ihany, dia ny finoana vonona ny handray amim-pahatsorana sy amim-panetrentena an'izay atolotr'Andriamanitra, no hany afaka ny hanaiky izany. Ny finoana no hany afaka ny hanoa an'io fahamarinana toherin'ny hafa amin'ny alalan'ny fampitotonganana ny saindalin'Andriamanitra hitovy laharana amin'ny fahafohizan'ny fisainan'olombelona io.

Velarin'ny Baiboly mazava tsara amintsika ny fisian'ireo Persôna telo, izay samy manana ny maha izy azy avy, ao amin'Andriamanitra. Anteriny fa mifamatotra akaiky ireo Persôna telo ireo. Samy avy amin'ny Ray avokoa na ny Zanaka, na ny Fanahy Masina[11]. Mifamatotra tanteraka

9. Matio 22. 29 - DIEM • **10.** 1 Korintiana 2. 10 • **11.** Jaona 8. 42 ; 15. 26

ireo Persôna telo ireo ao amin'izany toeramboninahitra misy azy izany, fa tsy hoe samy maka ho azy akory. Mitovy izy ireo ; samy maharitra mandrakizay. Mifampiresaka amin'ny hoe « Aho » sy ny hoe « Ianao » ireo Persôna telo ireo, ary samy mitafy an'ireo toetra rehetra, izay an'Andriamanitra irery ihany.

Miresaka amin'ny Rainy ny Zanaka ao amin'ny toko faha-17 amin'ny filazantsara nosoratan'i Jaona. Nambarany tamin'izany fa ny Ray no nanome Azy an'ireo olona manatona Azy : « Ny olona izay nomenao Ahy avy tamin'izao tontolo izao », hoy Izy, « *Anao ireny ka nomenao Ahy, ary notandremany ny teninao* » ; « *ary nino izy* ». Dia natolony indray ho amin'Ilay Iray izay manankery hiaro azy ireo amin'izao tontolo izao, ireo olony ireo ; nankininy ho amin'ny Ray izay efa nitahiry azy ireo tamin'ny Anarany.

Hitantsika ao amin'ny Hebreo toko faha-10 : Andriamanitra maneho ny sitrapony (and. 7), ny Zanaka tonga mba hanatanteraka izany sitrapon'Andriamanitra izany (and. 9), ary ny Fanahy Masina mijoro ho vavolombelon'izany, manambara izany (and. 15).

Maneho ny sitrapony ny Ray, manome fiainana ho an'izay tiany ny Zanaka, mizara ho an'ny tsirairay araka izay sitrapony ny Fanahy Masina - mifanaraka mandrakariva amin'izay ankasitra-

han'ny Ray sy ny Zanaka anefa io sitrapon'ny Fanahy Masina io. Tokana ihany ny fenitr'izy ireo, iray ihany ny tanjony, ary mitovy ny fisainany. Saingy, samy miasa amin'ny fombany avy kosa izy tsirairay avy ireo, amin'ny fanehoana izany fenitra tratrariny izany. Ny Ray no naniraka ny Zanaka ary ny Zanaka no naniraka ny Fanahy Masina. Tsy nisaraka mihitsy tamin'ny Ray anefa ny Zanaka, raha tonga tety an-tany Izy. Hoy indrindra ny filazany : « *Izaho ao amin'ny Ray ary ny Ray ato amiko… ny Ray mitoetra ato amiko no manao ny asa* »[12].

Tsy hoe Persôna iray mitana andraikitra telo samy hafa akory Andriamanitra – izany no ilay hevi-diso antsoina hoe « Modalisme ». Hitantsika mantsy ireo Persôna ao amin'Andriamanitra mifampiresaka sy miara-mihetsika amin'ny fotoana iray. Tsy hoe Andriamanitra telo izay toy ny mitambatra ho « Iray » koa Izy, noho ny fahitana Azy ireo miara-miasa mandrakariva. Izany kosa indray no ilay karazam-pahadisoana antsoina hoe « Trithéisme ».

Hoy ny fanambarana tsotra nataon'ny teolojiana iray antsoina hoe B. B Warfield :

« *Voalazantsika ny manontolon'ny foto-pampianarana mikasika ny maha Telo izay Iray*

---

12. Jaona 14. 10

an'Andriamanitra, rehefa mahalaza an'ireto zavatra telo ireto isika :

– tokana ihany « Andriamanitra »,

– samy Andriamanitra avokoa na ny Ray, na ny Zanaka, na ny Fanahy Masina,

– Persôna samy manana ny maha izy azy avy na ny Ray, na ny Zanaka, na ny Fanahy Masina ».

Azon'ny saintsika takarina fa ao anatin'io fifamatoran'ireo Persôna telo ao amin' Andriamanitra io, no ahitana ny ohatry ny tena fifamatoram-pitiavana lehibe indrindra. Io no modelin'ny fifamatoram-pitiavana tonga lafatra indrindra, io no loharanon'ny tena atao hoe fitiavana. « *Ny Ray tia ny Zanaka* »[13], ary ny Zanaka koa milaza hoe : « *Tiako ny Ray* »[14]. Hitantsika taratra ao amin'io maha Telo izay Iray an' Andriamanitra io ny modelin'ny tena fiombonana aina tanteraka, izay mety ho tanteraka koa eo anivon'ny zavaboary.

Asehon'ny Baiboly antsika ihany koa ny zava-miafin'ny fiombonana misy eo amin'ny sehatry ny maha olombelona. Hoy indrindra ny apôstôly Paoly, raha niresaka ny amin'ny fanambadiana izy : « *Ary noho izany ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka hikambana amin'ny vadiny, ary ho nofo iray ihany izy roroa* ». Hoy indray izy,

---

13. Jaona 3. 35 • **14.** Jaona 14. 31

rehefa izany : « *Zava-miafina lehibe izany, fa milaza ny amin'i Kristy sy ny Fiangonana aho* »[15]. Moa tsy zava-miafina lehibe tokoa ve izany hoe : « Ho nofo iray ihany izy roroa » ? Zava-dalina tsy takatry ny saintsika izany. Hoy ny Tompo : « *Koa dia tsy roa intsony izy fa nofo iray ihany* »[16]. Hitantsika anefa fa toa mijanona ho olon-droa ihany ny mpivady. Kanefa dia iray no fahitan'Andriamanitra azy ireo, ka izany koa no tokony ho fahitantsika azy. Izany fijerin' Andriamanitra izany no tsy maintsy ekentsika ho marina. Ekentsika fa iray ireo, satria izany no teny nambaran'Andriamanitra.

Miresaka amintsika ny maha samy hafa an'ireo singa mandrafitra ny vatana tokan'i Kristy ihany koa ny Baiboly. Tsy hafa io fa ny Fiangonana, izay antsoina ho ny vatan'i Kristy, ary isika mpino no rantsam-batana mandrafitra azy. Samy anisan'ny momba an'io tena io ny mpino tsirairay avy[17]. Hoy ny nambaran'ny Tompo Jesoa : « *Mba ho iray ihany izy rehetra, tahaka Anao Ray ato Amiko ary Izaho koa ao Aminao, mba ho ao amintsika koa izy... mba ho fantatr'izao tontolo izao fa Ianao efa naniraka Ahy* »[18]. Tsy ho takatry ny saintsika indray koa izay tena fisehon'izany fifandraisana

---

15. Efesiana 5. 31, 32 • **16.** Matio 19. 6 • **17.** Efesiana 1. 22, 23 ; 1 Korintiana 12. 12-27 ; Romana 12. 4-5 • **18.** Jaona 17. 21, 23

izany. Izany anefa no fahamarinana tsy maintsy raisina amin'ny finoana. Izany no ilay « *zava-miafina nohazonina* », kanefa nampahafantarin'Andriamanitra ny apôstôly Paoly mba hozarainy amin'ny hafa[19].

Mampiorina ny finoantsika an'Andriamanitra ny fahalalana ny fiombonan'ireo Persôna ao amin'Andriamanitra, izay mitambatra ho Andriamanitra Tokana. Miha azontsika koa, miara-dalana amin'izany, ny endriky ny fiombonan'ny mpivady ao anatin'ny fanambadiana, sy ny fiombonantsika amin'ireo mpino hafa (dia ireo tena mpino marina tokoa) ao anatin'ny Fiangonana. Izany fiombonana izany no tanterahintsika rehefa miatrika ny Latabatry ny Tompo isika. Eo no anatanterahantsika ny hoe na dia maro aza isika dia mofo iray ihany, tena iray ihany, satria samy mandray anjara amin'ny mofo iray ihany ny rehetra[20].

Ndeha hotomorintsika kokoa àry izao ny fomba nanehoan'Andriamanitra tamintsika ny amin'ity foto-pampianarana mikasika ny maha Telo izay iray Azy ity, ao amin'ny Baiboly.

---

19. Efesiana 3. 1-11 • **20.** 1 Korintiana 10. 17

1. Ny Testamenta Taloha

Anterin'ny Testamenta Taloha fa tokana Andriamanitra[21]. Ary, mitoetra ho marina mandrakariva izany fanambaràna izany. Voizina mandritra ny Soratra Masina iray manontolo io maha tokana an'Andriamanitra io, ary ampifanoherina amin'ny fananan'ny Jentilisa andriamanitra maro. « *Iray ihany no Andriamanitra* », izany no fahamarinana lehibe voasoratra amin'ny fanevan'ny vahoaka Isiraely, eny fa na manondro maro aza ny anarana hoe « Andriamanitra » (Elohim, amin'ny teny Hebreo) : manondro ny maha Andriamanitra feno izany.

Misy andininy vitsivitsy maneho amintsika an'Andriamanitra sy ny Teniny ary ny Fanahy miara-miasa. Hitantsika ao amin'ny bokin'ny Genesisy ny filazana hoe : « *Tamin'ny voalohany Andriamanitra nahary ny lanitra sy ny tany. Ary ny tany dia tsy nisy endrika sady foana ; ary aizina no tambonin'ny lalina. Ary ny Fanahin' Andriamanitra nanomba tambonin'ny rano. Ary Andriamanitra nanao hoe : misia mazava, dia nisy mazava* »[22]. Ampy ny famakiana amim-pifantohana tsara an'io teny io, omban'ny fitsilovan'ny Fanahy Masina, mba hahitana fa efa

21. Deoteronomia 6. 4, 5 • **22.** Genesisy 1. 1-3

tao hatramin'ny fahariana ireo Persôna telo ao amin'Andriamanitra.

Eo amin'ny andininy voalohany, amin'io Genesisy 1 io, no ahitantsika an'Andriamanitra. Eo amin'ny andininy faharoa kosa no ahitantsika ny Fanahy Masina miasa irery, toy ny hitantsika any amin'ireo andininy maro hafa ao amin'ny Soratra Masina. Tao Izy tamin'ny fahariana, ary niasa. Hitantsika Izy nanomba tambonin'ny rano, raha mbola tsy nisy endrika sady foana ny tany. Eo amin'ny andininy fahatelo no ahitantsika fa ny « *Teniny* » no naharian'Andriamanitra ny zavatra rehetra.

Ny hoe Zanak'Andriamanitra ao an-tratran'ny Ray mandrakizay no anondroan'ny filazantsara nosoratan'i Jaona amintsika ny Tompo. « *Ny Teny* », no iantsoany Azy, eo amin'ny fiandohan'io filazantsara nosoratany io : « *Tamin'ny voalohany ny Teny* ». Ary tohizany avy hatrany amin'ny hoe : « *ny Teny tao amin'Andriamanitra* ». Nahariharin y izany fa ny Teny, izay tsy hafa fa Andriamanitra, dia miavaka amin'Andriamanitra, satria tao amin'Andriamanitra Izy tamin'ny voalohany. Tena Andriamanitra mihitsy koa anefa Izy. Anampiny indray, rehefa izany, fa « *Izy no nahariana ny zavatra rehetra, ary raha tsy Izy dia tsy nisy nahariana izao zavatra ary izao, na dia iray aza* »[23].

23. Jaona 1. 1-3

Ndeha hosinganintsika koa ireto andininy ireto : « *Fa tao aminy no nahariana ny zavatra rehetra any an-danitra sy ety ambonin'ny tany, dia ny hita sy ny tsy hita, na fiandrianana, na fanjakana, na fanapahana, na fahefana, Izy no nahariana ny zavatra rehetra sady ho Azy izany. Ary Izy no talohan'ny zavatra rehetra, sady ao aminy no aharetan'ny zavatra rehetra* »[24]. « *Raha namorona ny lanitra Izy dia tany aho (ny Tompo Jesoa io), raha namaritra ny habakabaka tambonin'ny lalina Izy, raha nampitoetra ny rahona eny ambony Izy, raha niboiboika fatratra ny loharanon'ny lalina, raha nanisy faritra ho an'ny ranomasina Izy, mba tsy hahazoan'ny rano mihoatra ny fetrany, ary nandidy ny amin'ny fanorenan'ny tany, dia mpita-marika teo anilany aho sady ravoravo isan'andro isan'andro* »[25]. Ahatarafantsika ireo andininy ireo fa ny Tompo Jesoa mihitsy no tena mpiangaly ny asa nataon'Andriamanitra, nandritra ny fahariana[26]. Izy mihitsy tokoa no ilay Teny, fonosin'ny fehezanteny hoe « *Ary Andriamanitra nanao hoe* », izay hita ao amin'ny Genesisy 1. 3.

Marihina fa tsy hita na aiza na aiza ao amin'ny Baiboly mihitsy ny fampianarana fa :

---

24. Kolosiana 1. 16, 17 • **25.** Ohabolana 8. 27-30 • **26.** Vakio koa ny Hebreo 1. 1-12

« Andriamanitra dia Teny ». Ny mifanohitra amin'izany kosa no amafisiny ao amin'ny Jaona 1.1 : « *Ny Teny dia Andriamanitra* ». Tsy manaisotra na inona na inona amin'ny maha Andriamanitra ny Ray izay any an-danitra mihitsy anefa izany !

Moa tsy manaporofo ve ireo andininy rehetra ireo fa miavaka mihitsy amin'Andriamanitra Ray ny Zanak'Andriamanitra ? Tao an-tratran'ny Ray Izy. Ary mbola tao an-tratran'ny Ray hatrany Izy na nanetry tena aza, ka nandao ny lanitra toeram-boninahiny mba ho tahaka antsika olombelona. Mbola tao aminy ihany ireo toetra rehetra maha Andriamanitra, na tonga olombelona aza Izy. Tonga nofo ny Zanaka. Efa Zanaky ny Ray hatrizay hatrizay Izy, ary mbola mitoetra ho izany hatrany, na tonga tety an-tany aza. Nidina tety Izy mba hampahafantatra antsika ny fon'Andriamanitra feno fitiavana an'ity voariny lavo sy fatra-mpikomy. Nidina tety Izy mba ho afa-mamboatra toerana ho antsika, dia toerana handaniantsika ny hoavintsika mandrakizay ao an-tranon'ny Ray. Izany no zava-miafin'ny fahatongavan'i Zanaka ho nofo. Izany no sitrapon'ny Rainy[27].

---

27. Jaona 6. 38-40 ; Jaona 14. 1-3

Hoy indray koa ny teny hitantsika ao amin'ny Testamenta Taloha :

« *Tamin'ny taona nahafatesan'i Ozia mpanjaka no nahitako ny Tompo nipetraka teo ambonin'ny seza fiandrianana avo sady manerinerina, ary ny ebaneban'akanjony nahafeno ny tempoly. Nisy serafima nitsangana teo amboniny, samy nanana elatra enina avy : ny roa nanaronany ny tavany, ny roa nanaronany ny tongony, ary ny roa nanidinany. Ary nanandratra ny feony izy ka nifamaly hoe : Masina, masina, masina Jehovah Tompon'ny maro, henika ny voninahiny ny tany rehetra. Dia nihorohoro ny fanambanin'ny tokonana noho ny feon'ireo nanandratra ny feony, ary feno setroka ny trano. Dia hoy izaho : Lozako ! Maty aho, fa lehilahy maloto molotra, sady ato amin'ny firenena maloto molotra no itoerako, fa ny Mpanjaka dia Jehovah Tompon'ny maro no efa hitan'ny masoko. Dia nanidina nanatona ahy ny serafima anankiray nitondra vainafo teny an-tanany, izay nalainy tamin'ny tandra avy teo amin'ny alitara. Ary natehiny ny vavako izany ka hoy izy : Indro efa nilentika tamin'ny molotrao io ka dia afaka ny helokao, ary voavela ny fahotanao. Ary nandre ny feon'ny Tompo aho nanao hoe : iza no hirahiko, ary iza no handeha ho irakay ? Dia hoy izaho : Inty aho, iraho aho. Ary hoy Izy : mandehana ka lazao amin'ity*

firenena ity hoe : mandrenesa mandrakariva ihany ianareo, nefa aza mahalala ; ary mijere mandrakariva ihany ianareo, nefa aza mahafantatra. Ataovy adala ny fon'ity firenena ity, ary ataovy lalodalovana ny sofiny, ary ataovy mikimpy ny masony ; fandrao hahita ny masony, sy handre ny sofiny, ary hahalala ny fony, dia hibebaka izy ka ho sitrana »[28].

Maneho amintsika ny Tompo, ny Mpanjaka, Jehovah Tompon'ny maro, io andininy io. Milaza ny voninahiny sy ny fahamasinany ireo serafima. I Jesoa kosa indray anefa no tondroin'i Jaona, ao amin'ny filazantsara nosoratany, raha nitanisa ity teny notsoahina tany amin'ny bokin'i Isaia ity izy : « *Izany teny izany no nolazain'i Isaia satria nahita ny voninahiny Izy ka nilaza Azy* »[29]. Raisin'i Paoly ho teny nolazain'ny Fanahy Masina indray ireo teny nambaran'i Jehovah ireo, ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apôstôly : « *Marina izay nampilazain'ny Fanahy Masina an'i Isaia mpaminany tamin'ny razanareo manao hoe : Mandehana…* »[30].

Voamarika eto amin'ity andininy notsoahina tao amin'ny Isaia toko faha-6 ity ny famerenan'ireo serafima intelo ny hoe « masina », nanoloana an'i Jehovah. Mety ho fanehoana ny

---

28. Isaia 6. 1-10 • **29.** Jaona 12. 41 • **30.** Asa 28. 25, 26

fisian'ireo Persôna telo ao amin'Andriamanitra izany.

Tsy tena mbola nahanjahanjan'Andriamanitra anefa ny momba Azy ao amin'ny Testamenta Taloha. Amin'ny endrika manjavozavo ihany, tsy mivantana, no ahitantsika an'ireo Persôna telo ao amin'Andriamanitra, ao amin'ny Testamenta Taloha. Afaka ny hahita izany ankarihary kosa isika ankehitriny, satria mazava be ny fanehoana izany ao amin'ny Testamenta Vaovao. Zava-miafina mbola takona ihany izany ho an'ireo mpino niaina tamin'ny vanim-potoanan'ny Testamenta Taloha.

Hitantsika, ohatra, ireo Persôna telo ireo tao anatin'ny fifandraisan'Andriamanitra tamin'ny Isiraely : « *Ny famindrampon'i Jehovah ny ambarako... Oloko tokoa ireo, dia zanaka tsy mba handainga, ka dia tonga Mpamonjy azy Izy. Tamin'ny fahoriany rehetra dia niory koa Izy. Ary ilay Anjelin'ny tavany no namonjy ireo. Ny fitiavany sy ny famindrampony no nanavotany azy, sy nivimbinany azy ary nitondrany azy tamin'ny andro taloha ela rehetra. Fa ireo kosa dia niodina ka nanome alahelo ny Fanahy Masiny. Dia tonga fahavalony Izy ka niady taminy* »[31]. Hitantsika ato amin'ity andininy ity avokoa na i

31. Isaia 63. 7-10

Jehovah, na ny Fanahy Masina, na ny Tompo, dia ny Zanak'Andriamanitra izay nantsoina hoe « Anjelin'i Jehovah », « A » lehibe no nanoratana Azy - Antsoina ihany koa amin'ny hoe « *Anjelin'ny tavan'i Jehovah* » Izy eto.

Andininy maro ao amin'ny Testamenta Taloha no manondro ny Zanaka amin'io hoe « Anjelin'i Jehovah » io, ary tondroiny ho toy ny hoe « Jehovah » Izy tenany ihany izy io.

Raha iny teo anilan'ny loharano iray tany an'efitra iny i Hagara, raha teny am-pandosirana an'i Saray tompovaviny izy, dia hoy ny voalaza : « *Ary ilay Anjelin'i Jehovah nahita azy... Ary hoy ilay Anjelin'i Jehovah taminy... Ary Hagara nanao ny anaran'i Jehovah izay niteny taminy hoe : Ianao no Andriamanitra izay mahita. Fa hoy izy : tsy teto va no mbola velona aho taorian'ny fahitana ?* »[32]. Nantsoina hoe « Jehovah » ilay Anjelin'i Jehovah teto ; Andriamanitra izay mampiseho ny tenany.

Any amin'ny andininy hafa dia hitantsika ity Anjelin'i Jehovah ity mijoro eo anoloan'i Jehovah, toy ny Persôna hafa amin'i Jehovah, kanefa miteny toy ny hoe Jehovah Izy tenany ihany : « *Ary dia nasehony ahy fa indro Josoa mpisoronabe nitsangana teo anatrehan'llay Anjelin'i Jehovah,*

---

32. Genesisy 16. 7-14

ary Satana nitsangana teo an-kavanany hiampanga azy. Ary hoy Jehovah tamin'i Satana : Hananatra anao anie Jehovah ry Satana... dia namaly Jehovah (ilay Anjelin'i Jehovah)... Ary Ilay Anjelin'i Jehovah nilaza marimarina tamin'i Josoa hoe : Izao no lazain'i Jehovah Tompon'ny maro... »[33].

Iza àry io Jehovah io, iza io Anjelin'i Jehovah io, iza io Fanahy Masiny io ? Zavatra saro-takarina izany ho an'ireo Isiraelita niaina tamin'izany vanim-potoana izany. Mbola tsy naseho manontolo mantsy ny zava-miafina mikasika ny maha Telo izay Iray an'Andriamanitra. Mihanjahanja kosa ny zava-drehetra ao amin'ny Testamenta Vaovao.

33. Zakaria 3. 1-7

2. Ny Testamenta Vaovao

a. Ireo filazantsara

Nanaitra ny sain'ny ankamaroan'ny olona hanaiky ny fisian'ny Fanahy Masina marina tokoa ny fahatongavan'i Jaona mpanao batisa[34], ao amin'ny Testamenta Vaovao. Samy fampisehoana ny fisian'ireo Persôna telo ao amin' Andriamanitra avokoa na ny zava-nitranga tamin'ny fahaterahan'i Jesoa, na izay nitranga tamin'ny fotoana nanaovam-batisa Azy. Tao ireo Persôna telo ao amin'Andriamanitra, tamin'ny fotoana nilazana ny hahaterahan'i Jesoa : « *Ary ilay anjely namaly ka nanao taminy hoe : ny Fanahy Masina ho tonga ao aminao ary hisy herin'ny Avo Indrindra hanaloka anao, koa ny masina izay hateraka dia hatao hoe Zanak'Andriamanitra* »[35]. Fantatsika koa izay nitranga tamin'ny fotoana nanaovam-batisa an'i Jesoa. Rehefa nanao batisa an'i Jesoa i Jaona dia : « *nisokatra ny lanitra ary ny Fanahy Masina nidina teo amboniny, ka ny endriny dia tahaka ny voromailala ; ary nisy feo avy any an-danitra nanao hoe : Ianao no Zanako malalako, Ianao no sitrako* »[36]. Niara-niseho ireo Persôna telo ao

---

34. Matio 3. 11 • **35.** Lioka 1. 35 • **36.** Lioka 3. 22

amin'Andriamanitra tamin'ny fotoana nanaovam-batisa an'i Jesoa Kristy[37].

Nilaza ny Tompo Jesoa fa ny Ray no naniraka Azy. Nambarany fa Izy no manambara ny Ray, ary miara-miasa amin'ny Ray sy ny Zanaka ny Fanahy Masina. Anterin'ny Jaona 14. 7-23 ny fifandraisana misy eo amin'ireo Persôna telo ireo. Hita ho miavaka tsara, samy manana ny maha izy azy avy, ireo Persôna telo ireo ao amin'io Jaona 14 io. Tsindriny koa anefa ny maha iray ihany azy ireo. Mitoetra mandrakariva ny fahamarinan'ny fisiana Persôna telo ao amin'Andriamanitra eo amin'ny mpino : ny Ray (and. 23), ny Zanaka (and. 18), ary ny Fanahy Masina (and. 17).

Ny hafatra farany napetrak'i Jesoa tamin'ny mpianany dia ny fanaovam-batisa amin'ny rano « *amin'ny anaran'ny* » (filazana manondro tokana, fa tsy hoe « amin'ireo anaran'ny»). Izany hoe manao Batisa amin'ny anaranà Andriamanitra tokana ihany, dia « *amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina* »[38].

b. Ny bokin'ny Asan'ny Apôstôly sy ireo episitily

Hita taratra amin'ireo boky sisa mandrafitra ny Testamenta Vaovao, fa nivelatra lavitra noho izay

---

37. Vakio koa ny Matio 3. 16-17 • **38.** Matio 28. 19

voalaza tao amin'ireo filazantsara, ny fampianaran'i Jesoa ny amin'ity lohahevitra mikasika ny maha Telo izay Iray an' Andriamanitra ity. Ampifandraisin'i Petera amin'ny maha Telo izay Iray an'Andriamanitra ny zava-nitranga tamin'ny andro Pentekôsitra. Hoy indrindra ny filazany : « *Izany Jesoa izany dia efa natsangan'Andriamanitra ary vavolombelon' izany izahay rehetra. Ary rehefa nasandratry ny tanana an-kavanan'Andriamanitra Izy, ary nandray tamin'ny Ray ny Fanahy Masina izay nokasainy, dia efa nampilatsaka izao hitanareo sy renareo izao Izy* »[39]. Nanangana an'i Jesoa Zanany Andriamanitra Ray. I Jesoa kosa indray nandefa ny Fanahy Masina ho amin'ny mpino rehefa nasandratra ho eo an-kavanan'ny Ray, ka nandray tamin'ny Ray an'io Fanahy nampanantenainy io.

Tsiahivin'i Paoly ireo fanomezam-pahasoavana avy amin'ny Fanahy : « *Zarazaraina ho samy hafa ny fanomezam-pahasoavana, nefa ny Fanahy dia iray ihany. Ary zarazaraina ho samy hafa ny fanompoana, nefa ny Tompo dia iray ihany. Ary zarazaraina ho samy hafa ny asa, nefa Andriamanitra dia iray ihany, Izay miasa ny zavatra rehetra amin'ny olona rehetra* »[40]. Ireo

---

39. Asa 2. 32-33 • **40.** 1 Korintiana 12. 4-6

andininy ireo no manamafy fa ireo Persôna telo ao amin'Andriamanitra no niandraikitra ny fitsinjarana an'ireo fanomezam-pahasoavana isan-karazany. Avahin'i Paoly tsara ny isanisany amin'ireo Persôna telo ao amin'Andriamanitra ireo : « *Ho aminareo rehetra anie ny fahasoavan'i Jesoa Kristy Tompo, ny fitiavan'Andriamanitra Ray ary ny firaisana amin'ny Fanahy Masina* »[41]. «*Iray ny tena ary iray ny Fanahy, dia toy ny niantsoana anareo ho amin'ny fanantenana iray momba ny fiantsoana anareo. Iray ny Tompo, iray ny finoana, iray ny batisa, iray Andriamanitra sady Rain'izy rehetra...* »[42].

Hoy koa ny apôstôly Petera : « *Olom-boafidy araka ny fahalalana rahateo, izay an' Andriamanitra Ray amin'ny fanamasinan'ny Fanahy, ho amin'ny fanarahana sy ny famafazan'ny ran'i Jesoa Kristy* »[43].

Maneho avokoa ireo andininy rehetra voatanisa ireo fa miara-miasa ao anatin'ny fiombonana tanteraka ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Toy ny endrika nisehoan'Ilay Andriamanitra tokana hatrany amin'ny Testamenta Taloha ihany no isehoany. Saingy, miseho ankarihary amin'ny maha Persôna telo Azy Izy rehefa naseho ny zava-miafin'ny toe-panahy

---

41. 2 Korintiana 13. 14 • **42.** Efesiana 4. 4-6 • **43.** 1 Petera 1. 2

araka an'Andriamanitra : « *Lehibe ny zava-miafina ny amin'ny toe-panahy araka an' Andriamanitra, dia Ilay naseho teo amin'ny nofo, nohamarinina tao amin'ny Fanahy, hitan'ny anjely, notorina tany amin'ny Jentilisa, ninoana teny amin'izao tontolo izao, nakarina tamin'ny voninahitra* »[44].

Tamin'ny fotoana nahatongavan' Andriamanitra ho nofo no nanehoany feno ny momba Azy. Tamin'ilay fotoana nanaovan'i Jaona batisa an'i Jesoa no nanehoany voalohany indrindra tamin'ny olombelona ny fisiana Persôna telo miavaka tsara, kanefa miara-miseho, ao amin'Andriamanitra. Milaza izany ankarihary ireo filazantsara, ny bokin'ny Asan'ny Apostoly, ary ireo episitily, rehefa izany. Izany no anambaràn'Andriamanitra ny tenany : Andriamanitra tokana miseho ao amina Persôna telo miavaka tsara, samy manana ny maha izy azy avy, ary miara-miasa. Azo atao ny tsy mampiasa ny teny hoe Telo izay Iray ; saingy, fadio kosa ny mandà ny hevitra fonosin'izany teny izany. Midika ho fandavana ny zava-miafin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra mantsy ny fandavana izany.

---

44. 1 Timoty 3. 16

Tsy afaka ny hihambo ho kristiana mihitsy isika raha mandà ny foto-pampianarana mikasika ny maha Telo izay Iray an'Andriamanitra. Sarotra ny hiombona amin'ny olona mandà an'io foto-pampianarana iray io, satria ivon'ny finoantsika izy io. Midika ho fandavana ny Filazantsara ny fandavana azy io. Ary manoatra lavitra, fandavana an'Andriamanitra mihitsy ny tsy fanekena izany. Izany fandavana ny maha Telo izay Iray an'Andriamanitra izany no fitenenandratsy fara tampony an'Andriamanitra. Izany indrindra no antony nilazan'ny apôstôly Jaona hoe : « *Izay rehetra mitarika nefa tsy mitoetra ao amin'ny fampianaran'i Kristy (izany hoe ny fampianarana fa efa tonga nofo Andriamanitra - ampitahao amin'ny and. 7), dia tsy manana an'Andriamanitra. Izay mitoetra ao amin'ny fampianarana dia izy no manana ny Ray sy ny Zanaka. Raha misy olona mankeo aminareo ka tsy mitondra izao fampianarana izao, aza mampiantrano azy na miarahaba azy akory, fa izay miarahaba azy dia miombona amin'ny ratsy ataony* »[45]. Aza haetry noho ny fahafohizan'ny fisainantsika Andriamanitra ! Andriamanitra tsy takatry ny saina Izy, Andriamanitra tsy manampetra. Manàna finoana mba hanaiky fotsiny

45. 2 Jaona 9-11

ihany ny fanambaràna omeny antsika mikasika ny tenany ao amin'ny Teniny. Ao amin'i Jesoa no ahitantsika ny fanambaràn'Andriamanitra feno ny momba ny tenany.

Fandrafetana ny foto-pampianarana mikasika ny maha Telo izay Iray an'Andriamanitra

Tsy mbola narafitra ho foto-pampianarana ny amin'ny fisian'io Andriamanitra tokana miseho amin'ny endrika telo io, raha tsy taty aoriana kely. Noraisina ho fahamarinana nambaran'ny tenin'Andriamanitra ihany izany, teo amin'ireo kristiana voalohany. Nambara ampahibemaso ho foto-pinoan'ny Fiangonana izy io nandritra ny fivoriambe natao tao Nicée ny taona 325, tamin'ny fotoanandron'i Athanase. Taonjato iray taty aoriana, nandrafitra raikipohy niainga tamin'io fanekem-pinoan'i Athanase io i Augustin. Mitoetra hatrany ny fahamarinan'io raikipohy nomeny io : voalaza tao amin'izany fanekem-pinoana izany fa Andriamanitra i Kristy, ary toy izany koa ny Fanahy Masina ; mandrakizay Izy ary mitovy tanteraka amin'ny Ray.

Fahamarinana telo no fantatra manodidina ny fifandraisan'ireo Persôna telo ao amin' Andriamanitra.

Voalohany : miseho amin'ny endrika telo ny maha izy azy an'Andriamanitra. Tokana Andriamanitra amin'ny maha Andriamanitra Azy, tokana ny sitrapony. Toetra maro anefa no isehoany, Persôna samy hafa, ary asa samy hafa.

Faharoa: mitovy ny voninahitra tinafin'ireo Persôna telo ao amin'Andriamanitra ireo, mitovy toetra Izy ary samy mendri-kaja[46].

Fahatelo: samy miasa amin'ny fombany avy ireo Persôna telo ao amin'Andriamanitra: ny Ray miasa ao amin'ny Zanaka[47], amin'ny alalan'ny Fanahy Masina[48]. Izany no ambaratonga misy eo amin'ny fifandraisan'ireo Persôna telo ireo, araka ny hita ao amin'ny Jaona 14. 28, sy ny 16. 13. Eo amin'ny fifandraisan'ireo Persôna telo ireo ihany no mihatra io ambaratonga io, fa tsy eo amin'ny toetra tinafiny akory. Mitovy toetra mantsy ireo Persôna telo ireo (samy mitafy ny toetra maha Andriamanitra Izy ireo).

Hoy ny voalaza ao amin'ny episitily ho an'ny Hebreo: « *Tsarovy ny mpitondra anareo izay efa nitory ny tenin'Andriamanitra taminareo; hevero ny niafaran'ny fiainany ka araho ny finoany. Jesoa Kristy no tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay. Aza mety havilin'izay fampianarana maro hafahafa ianareo* »[49]. Ireo apôstôly sady mpaminany izany, izay nametraka ny vato fanorenan'ny Fiangonana, no mitarika antsika, araka ny ambaran'io teny io. Tsy hafa io vato

---

46. Matio 12. 31, 32; Jaona 5. 18; 1 Korintiana 2. 10-12 • **47.** 2 Korintiana 4. 6; Hebreo 1. 1-4 • **48.** 1 Korintiana 2. 10; Jaona 14. 26 • **49.** Hebreo 13. 7-9

fototra io fa i Jesoa Kristy, izay antsoina koa hoe vato fehizoro[50].

Milaza ankarihary an'io foto-pampianarana mikasika ny maha Telo izay Iray an' Andriamanitra io ireo apôstôly ao amin'ny asasorany. Nitandrina izany ireo olon'ny finoana teo alohantsika, ary dia antsoina koa isika hahatsiaro izay nataon'izy ireny, satria izy ireny no nitarika antsika, izy ireny no nitondra antsika. Ara-drariny tokoa ny hahatsiarovantsika azy ireny, satria ry zareo ireo no nitory ny tenin'Andriamanitra tamintsika.

Nahatsapa ny maha zava-dehibe ny fanoratana ho an'ireo mpino tamin'ny fotoanandrony koa i Joda. Nanoratra ho azy ireo izy mba hiarovan'izy ireo fatratra ny finoany, dia ny finoana izay efa nampianarina azy ireo hatrany am-piandohana, satria nisy olona sasantsasany, izay nandà an'i Jesoa Kristy Tompo tokana[51], nitsofoka an-tsokosoko teo anivon'izy ireo.

Moa tsy mbola ilaintsika ankehitriny koa ve izany anatranatra nataon'ny apôstôly Joda izany? Aza manaiky ho voafitak'ireo mpamitaka, izay manao ny sitrapon'i Satana tompony, ireo. Ny hitady ny fomba rehetra hanoherana hatrany ny lalana soritan'Andriamanitra no katsahin'i

---

50. Efesiana 2. 20 • **51.** Joda 3-4

Satana. Fitsarana mampivarahontsana no hiandry an'ireo olona ireo any am-para[52]. Hoy indray i Joda, rehefa izany : « *Fa tsarovinareo, ry malala, ny teny voalazan'ny apôstôlin'i Jesoa Kristy Tompontsika fahiny...* »[53]. Miresaka ny tokony hahatsiarovantsika ny teny nampilazaina ny apôstôly i Joda eto, ka hitomoerantsika mandrakariva eo amoron'io loharano avy amin'Andriamanitra, izay napetraky ny apôstôly, io. Asaina koa isika ankehitriny hisotro amin'izay loharano izany :

Vaovao lalandava ilay onim-pitia
Tovozin-tsy ritra ao an-tratran'ny Ray
Eo no mba tiako hitoniana satria
Loharano maharitra mandrakizay.

Miresaka mikasika ny maha Telo izay Iray an'Andriamanitra koa i Joda ao amin'ny anatranatra ataony : « *Fa ianareo kosa, ry malala, dia ataovy izay handrosoanareo amin'ny finoanareo masina indrindra, ka mivavaha ao amin'ny Fanahy Masina, ary tehirizo ny tenanareo ao amin'ny fitiavan'Andriamanitra, miandry ny famindram-pon'i Jesoa Kristy Tompontsika ho fiainana mandrakizay* »[54].

---

52. Joda 14-16 • **53.** Joda 17-19 • **54.** Joda 20-21

Mifantoka amin'Andriamanitra Mpamonjy antsika, amin'ny alalan'i Jesoa Tompontsika, i Joda, ao amin'ilay fiderana entiny mamarana ny episitily nosoratany. Teo indray izany izy no nampisy fiavahana mazava tsara teo amin'ireo Persôna roa ao amin'Andriamanitra[55].

55. Joda 24-25

Mivavaka amin'Andriamanitra mifanaraka amin'izay fanambaràna ataony mikasika ny tenany ao amin'ny Teniny

Tsy afaka ny hivavaka amin'iza na amin'iza, ankoatra an'Andriamanitra, isika. Tsy afaka ny hivavaka aminy araka izay hiheveran'ny saintsika Azy koa anefa isika, na izany aza. Mitarika antsika ho amin'ny fanompoan-tsampy mantsy raha izany fiheveran'ny saintsika izany no hivavahantsika amin'Andriamanitra. Ny fanambaràna nomeny antsika mikasika ny tenany ao amin'ny Teniny no tsy maintsy entintsika mivavaka amin'Andriamanitra.

Efa nivavaka tamin'Andriamanitra sahady ireo mpino tao amin'ny Testamenta Taloha, na mbola tsy tonga aza ny Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra. Ilay tena Andriamanitra marina io nivavahany io, araka ny ambaran'ny Deoteronomia 6. 4-5. Niseho tamin'ireo mpino ireo tamin'ny hoe : « *Tsitoha* » Izy ; niseho taminy tamin'ny hoe « *Avo Indrindra* ». Ary araka izany anarana nisehoan' Andriamanitra tamin'izy ireo izany no nivavahany taminy. Taty aoriana kely, tamin'i « Jehovah » no nanoloran'ny vahoaka Isiraely fanompoam-pivavahana. Naniraka an'i Maria Magdalena i Jesoa, taorian'ny fahafatesany sy ny

fitsanganany tamin'ny maty, mba ho any amin'ireo mpianany ka hilaza amin'izy ireo ny rohim-pifandraisana vaovao misy eo aminy sy izy ireo, manomboka izao : « *Mandehana mankany amin'ny rahalahiko ka lazao aminy hoe : Miakatra ho any amin'ny Raiko sy ny Rainareo Aho, ary ho any amin'ny Andriamanitro sy Andriamanitrareo* »[56].

Fitahiam-be ho an'ny kristiana ny fanehoan'Andriamanitra feno ny tenany. Tonga Rain'ireo mpino Andriamanitra, noho ny amin'ny Zanaka. Nomena azy ireo ho tombokase haneken'Andriamanitra azy ireo ho zanany ny Fanahy Masina. Amin'ny alalan'io Fanahy io no ahazoan'izy ireo antoka fa Rain'izy ireo marina tokoa Andriamanitra : « *Fa izay rehetra nandray Azy (an'i Jesoa) dia nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra* »[57]. Nandray ny Fanahy izy ireo, dia ny « *Fanahin'ny zanaka natsangana, izay iantsoantsika hoe : Aba, Ray ô. Ny Fanahy dia miara-milaza amin'ny fanahintsika fa zanak'Andriamanitra isika* »[58].

« *Tsy nisy nahita an'Andriamanitra na oviana na oviana, fa ny Zanaka Lahitokana izay ao an-*

56. Jaona 20. 17 • **57.** Jaona 1. 12 • **58.** Romana 8. 15-16

tratran'ny Ray, Izy no manambara Azy »[59]. Nidina tety an-tany ny Zanaka mba hampahafantatra antsika ny Ray. Tonga tety Izy mba hanorina vahoaka afaka ny hivavaka aminy amin'ny Fanahy sy ny fahamarinana, dia araka izay irin'ny fony[60].

Aoka hitandrina ny amin'izay hivavahana

An'ny Zanaka avokoa, no sady an'ny Fanahy Masina koa, izay rehetra mahakasika an' Andriamanitra. Ananan'i Jesoa sy ny Fanahy Masina avokoa ireo toetra rehetra isaloran' Andriamanitra : fahamasinana, fahamarinana, fahadiovana, fitiavana, hatsaram-po,... Manamafy ny Soratra Masina fa mitovy tsy misy valaka amin'ny Ray ny Zanaka sy ny Fanahy Masina. Atafiny Azy ireo ny toetra izay voalaza fa an'Andriamanitra irery ihany ; ny asa ataon' Andriamanitra no asa ataon'Izy ireo koa ; mandray ny fankalazana izay sahaza an' Andriamanitra irery ihany ny Zanaka sy ny Fanahy[61]. Tsy maintsy ho mazava tsara amintsika anefa izay voalaza mikasika an'Andriamanitra,

---

59. Jaona 1. 19 • **60.** Jaona 4. 23 • **61.** Isaia 6. 3-8 ; ampitahao koa amin'ny Jaona 12. 21 ; Asa 28. 25 ; Jaona 5. 20 ; Asa 5. 3-4, etc. • **62.** 1 Korintiana 14. 15

raha te hivavaka amin'Andriamanitra am-panahy sy an-tsaina koa isika[62].

Milaza amintsika, ohatra, ny Baiboly manao hoe: « *Maty Kristy noho ny fahotantsika* »[63]. Tsy milaza na oviana na oviana kosa io Baiboly io hoe nandia fahafatesana Andriamanitra! Fitenenandratsy tokony hotandremana mihitsy ny filazana hoe « maty Andriamanitra ». Maty i Jesoa, ary noho ny fahatongavany ho olombelona no nandiavany fahafatesana! Ny hiatrika izany fahafatesana izany indrindra moa no antony nahatongavany nitafy nofo aman-drà, ka nanaovana Azy ho ambany kely noho ny anjely[64]. Andriamanitra kosa dia Fanahy, noho izany tsy misy rà mikoriana ao aminy! Hoy ny ambaran'ny Baiboly: « *Ny ran'i Jesoa Zanany no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra* »[65].

Amin'iza no ivavahantsika? Amin'ny Ray sa amin'ny Zanaka? Ny fisaorana Azy noho ny nanomezany ho antsika ny Zanany ho faty teo amin'ny toerantsika no ataontsika, rehefa mivavaka amin'Andriamanitra Raintsika isika. Ny Tompo kosa no isaorantsika noho ny rany sarobidy nalatsaka teo amin'ny hazofijaliana. Fahadisoana mihitsy raha hoe misaotra

---

63. 1 Korintiana 15. 3 • **64.** Hebreo 2. 9 • **65.** 1 Jaona 1. 7

an'Andriamanitra isika noho ny rà nalatsany ho antsika !

Mandray ny fankalazana rehetra mendrika ny Ray ny Tompo Jesoa Kristy, amin'ny maha Andriamanitra Azy. « *Mba hanajan'ny olona rehetra ny Zanaka, tahaka ny fanajany ny Ray. Izay tsy manaja ny Zanaka dia tsy manaja ny Ray, Izay naniraka Azy* »[66]. Ny anjely no nanambara ny fahaterahan'i Jesoa tety an-tany ; ny anjely no nankalaza Azy[67]. « *Ary aoka ny anjelin' Andriamanitra rehetra hiankohoka eo anoloany* »[68]. Niankohoka teo anatrehany ireo magy, fotoana fohy taty aoriana[69]. Voamaritsika koa angamba ny fiverimberenan'ny fisian'ireo olona niankohoka teo anatrehan'ny Tompo Jesoa, nandritra ny asa nataony tety an-tany. Tsy nolaviny ireny fiankohofan'ny olona teo anatrehany ireny ![70] Niankohoka teo an-tongotr'i Jesoa ireo vehivavy nihaona taminy teny ampasana, taorian'ny fitsanganany tamin'ny maty[71]. Toy izany koa no nataon'ireo mpianatra tafangona tao Galilia[72], sy ny nataon'izy iraika ambinifolo lahy, taorian'ny nampakarana Azy ho any an-danitra[73].

---

66. Jaona 5. 23 • **67.** Lioka 2. 8-14 • **68.** Hebreo 1. 6 • **69.** Matio 2. 2 • **70.** Matio 8. 2 ; 9. 18 ; 14. 33 ; 15. 25 ; 20. 20 ; sns. • **71.** Matio 28. 9 • **72.** Matio 28. 16-47 • **73.** Lioka 24. 52

Tsy hitantsika na aiza na aiza ao amin'ny Soratra Masina kosa ny fivavahana amin'ny Fanahy Masina, na ny fanaterana fiderana ho Azy. Andriamanitra ny Fanahy Masina. Mampianatra antsika anefa ny Baiboly fa hafa amin'ny an'ny Ray sy ny Zanaka ny asany. Izy no mitarika antsika ho amin'ny fahamarinana[74]. Izy no mitari-dalana antsika[75]. Ao anatintsika Izy, ary asaina mivavaka « amin'ny Fanahy » isika[76].

Mazava izany fa ny mitarika antsika hivavaka no asan'ny Fanahy Masina, fa tsy ny handray ny vavaka asandratsika : « *Ny Fanahy no mamonjy ny fahalementsika, fa tsy fantatsika izay vavaka tokony hataontsika, fa ny Fanahy no mifona amin'ny fitarainana tsy azo tononina* »[77]. Ny Fanahy Masina no mampianatra antsika hahafantatra bebe kokoa hatrany an' Andriamanitra, dia ny fahalehibeazany sy ny famindram-pony. Ny Fanahy Masina no mampahita antsika ny hatsaràm-pon'ny Tompo Jesoa, ka mampianatra antsika hihevitra ny soa lehibe nentin'ny asa fanavotana nataony. Hoy ny nambaran'ny Tompo raha nilaza ny amin'ny Fanahy Masina Izy : « *Izy hankalaza Ahy, fa*

---

74. Jaona 16. 13 • **75.** Romana 8. 14 ; Galatiana 5. 25 • **76.** Efesiana 6. 18 ; Joda 20 • **77.** Romana 8. 26 • **78.** Jaona 16. 14

handray avy amin'ny Ahy Izy ka hanambara izany aminareo»[78].

Zava-miafina mikasika an'Andriamanitra, izay sady tsy ho takatry ny saintsika, no tsy ho azo hazavaina rahateo, ny amin'ny maha Telo izay Iray an'Andriamanitra. Mila mandray izany amim-pinoana tsotra izao isika, satria fanambaràna nataon'Andriamanitra ho an'ny olombelona rehetra izany. Hoy ny nambaran'ity mpanompon'Andriamanitra anankiray: «matahotra mafy ny amin'ny teny entin'ny olombelona milaza ny amin'ity lohahevitra iray ity aho. Ambarako kosa anefa fa ny hany fisehoana fenon'Ilay tena Andriamanitra Tokana dia ny fisehoany ao amin'ny maha Telo izay Iray Azy» (J.N. Darby).

Ny fahatongavan'ny Zanaka tety an-tany no fara tampon'ny fanehoan'Andriamanitra ny tenany, dia ny fanehoany ny maha Ray Azy. Ny Fanahy Masina moa no nitorotoroana an'i Jesoa raha tonga nofo tety an-tany Izy[79]. Tanteraka ny fanehoany ny tenany rehefa niseho tamin'ireto endrika telo ireto Izy: Ray, Zanaka, Fanahy Masina.

Toy izany koa, afaka ny hanatona ny Ray, amin'ny alalan'ny Fanahy iray, omban'ny asa

---

79. Jaona 1. 18 • **80.** Efesiana 2. 18

fanelanelanan'ny Zanaka[80] isika, rehefa mivavaka.

Inona moa no azontsika atao ankoatra ny fiankohofana sy ny fankalazana, manoloana ny fanambaràna lehibe toy izany?

Sambatra aho raha samy sambatra,
fa ny Tompo mahery no Raiko
Jesoa no indro tonga Mpamonjiko,
ny Fanahy no mitsilo ny saiko
Ny ratsy tsy afaka handrombaka,
ny tany na vonon-kisetra
Tsy hanova ny fo efa babo,
ravoravo amin'llay Tsisy Fetra

Azonao vakina koa ireto asasoratra manaraka ireto, izay mamahavaha lohahevitra mifandraika amin'izay hitanao tato :

Ny fisehoan'Andriamanitra miandalana,
G. André

Ny voninahitry ny Ray sy ny Zanaka, H. Rossier

Ny Zanak'Andriamanitra, J.G. Bellett

Ny Fanahy Masina, H.L Heijkoop

Ho hitanao eny amin'ny

Bibliothèque chrétienne
Lot IV L 39 D
Anosivavaka Ambohimanarina
101 Antananarivo MADAGASCAR
e-mail christmadabiblio@yahoo.fr

Tél. 22 090 00
033 14 168 12

ANDRIAMANITRA
TELO
IZAY IRAY

Amboaram-boky 10x15
ahitanao fanazavana tsotra
avy amin'ny Baiboly

Manambara ny Baiboly fa misy zava-miafina tsy takatry ny saintsika mikasika an'Andriamanitra. Tsy inona izany fa ny amin'ny maha Telo izay Iray Azy : Ray, Zanaka, Fanahy Masina.

Moa endrika maromaro isehoana Persôna iray ihany ve ireo : fisehoana ho Ray, ho Zanaka, ary ho Fanahy Masina ? Sa, Andriamanitra telo mitambatra ho iray ?

Nahoana no resahina ny maha Telo izay Iray an'Andriamanitra ? Na tsy hita ao amin'ny Baiboly aza io teny io, ity bokikely ity kosa haneho aminao andininy vitsivitsy notsongaina avy ao amin'ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao, ka hanazava aminao izay hevitra fonosin'io teny io : Andriamanitra tokana miseho ao amina Persôna telo, izay samy manana ny maha izy azy avy, kanefa mifandray tanteraka. Tsy ho takatry ny saintsika ny halalin'io fifandraisana misy eo amin'ireo Persôna telo ao amin'Andriamanitra io. Meteza kosa handray

amin’ny finoana ny fanambaràna ataon’ilay Andriamanitra Mpamonjy.

Imprimé en France par IMÉAF – 26160 La Bégude de Mazenc
Dépôt légal : 4e trimestre 2007 - N° d'impression 70734